REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

MINISTERAN'NY TONTOLO IAINANA SY NY FAMPANDROSOANA MAHARITRA

Didim-pitondrana laharana faha 9864/2019/MEDD
Mametra ny fisokafan'ny fihazana vorona amin'ny taona 2019

NY MINISITRY NY TONTOLO IAINANA SY NY FAMPANDROSOANA MAHARITRA

- Araka ny lalam-panorenana ;
- Araka ny Hitsivolana laharana faha 60-126 tamin'ny 3 oktobra 1960 mametra ny fomba fihazana, nyfanjonoana ary ny fiarovana ny biby,
- Araka ny didim-panjakana laharana faha 2019-016 tamin'ny 21 janoary 2019 manendry ny Praiminisitra lehiben'ny Governemanta;
- Araka ny Didim-panjakana laharana faha 2019-26 tamin'ny 20 martsa 2019 novana sy nofenoina tamin'ny didim-panjakana laharana faha 2019-360 tamin'ny 20 martsa 2019 manendry ireo mpikambana ao amin'ny Governemanta ;
- Araka ny Didim-panjakana laharana faha 2019-138 tamin'ny 20 febroary 2019, amerana ny anjara raharahan'ny Minisitry ny Tontolo iainana sy ny Fampandrosoana Maharitra ary koa ny fandaminana ankapobeny ny ministerany ;
- Araka ny Didim-pitondrana laharana faha 327/MAP/FOR tamin'ny 8 febroary 1961 miaraka amin'ny rijan-tenin-dalàna manao fanovana taty aoriana, indrindra ny andininy voalohany vaovao novan'ny Didim-pitondrana laharana faha 1224-MDRRA/DIR/FOR/Cx tamin'ny 14 aprily 1976 izay mametra ny fisokafan'ny fotoana fihazana eto amin'ny faritry ny Repoblikan'I Madagasikara.

DIA MAMOAKA IZAO DIDIM-PITONDRANA IZAO:

Andininyvoalohany : Araka ny fepetran'ny andininy voalohany vaovao amin'ny Didim-pitondrana laharana faha327/MAP/FOR tamin'ny 8 febroary 1961, ny fihazana vorona eto amin'ny tanin'ny Repoblikan'i Madagasikara dia misokatra :

. ny alarobia voalohany amin'ny volana May ka hatramin'ny alatsinainy 30 septambra 2019

. ny alarobia 15 may ka hatramin'ny alatsinainy 30 septambra 2019 androfarany ho an'ny voron-drano.

Andininy faharoa: Ny fahazoan-dalàna hihaza dia soniavin'ny Talem-paritry nyTontolo Iainana sy ny Fampandrosoana Maharitra ao amin'ny faritra hihazana.

Andininy fahatelo: Ity Didim-pitondrana ity dia manankery avy hatrany raha vao vita Sonia ary nampahafantarina ny be sy ny maro ankoatry ny famoahana azy ao amin'ny gazetim-panjakana.

Natao teto Antananarivo, faha 14 MAI 2019

NY MINISITRY NY TONTOLO IAINANA SY NY FAMPANDROSOANA MAHARITRA

MINISTERE DE L'ENVIRONNEMENT ET DU DEVELOPPEMENT DURABLE
REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

Alexandre GEORGET